



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA  
Fitavahana - Tanindrazana - Fandrosoana



**REPOBLIKA FAHAEFATRA  
FE-POTOANA FANAOVAN-DALANA FAHAROA**

**FOTOAM-PIVORIANA ARA-POTOANA FAHAROA  
TAONA 2019**

DIRECTION DE LA LEGISLATION

SERVICE DES PROCES-VERBAUX  
ET DES COMPTES-RENDUS ANALYTIQUES

**FAMINTINANA NY FIVORIAMBE**

LAHARANA FAHA-21

**FANANGANANA SY FIFIDIANANA NY HO FILOHAN'NY VAOMIERA  
HIANDRAIKITRA NY FANDINIHINA IREO FANGATAHANA  
FAMPIATOANA NY FITÀNANA AM-PONJA SY IREO FEPETRA  
TSY AHAZOANA NA AMERANA NY AHALALAHANA  
ARY NY FANENJEHANA NY SOLOMBAVAMBAHOAKA**

Fivoriana faha-8

Natao ny

Alakamisy 31 Oktobra 2019

- Atoandro sy tolak'andro -

**FIVORIAMBE**

**FILOHA:** Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona

**MPITANTSORATRA:** - Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera  
- Andriamatoa RABENIRINA Jean Jacques

**FOTOANA:** Alakamisy 31 Oktobra 2019, tamin'ny 12 ora sy 25 minitra, atoandro.

**FANDAHARAM-POTOANA:** Fananganana sy fifidianana ny ho Filohan'ny Vaomiera hiandraikitra ny fandinihina ireo fangatahana fampiatoana ny fitàna am-ponja sy ireo fepetra tsy ahazoana na amerana ny fahalalahana ary ny fanenjehana ny Solombavambahoaka.

Nivory ny Alakamisy 31 Oktobra 2019, tamin'ny 12 ora sy 25 minitra, atoandro, ny Antenimierampirenena, ka Ramatoa RAZANAMAHASOA Christine Harijaona, Filohany no nitarika izany.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana izay fananganana ny Vaomiera hiandraikitra ny fandinihina ireo fangatahana fampiatoana ny fitàna am-ponja sy ireo fepetra tsy ahazoana na amerana ny fahalalahana sy ny fanenjehana ny Solombavambahoaka na «création de la Commission chargée de l'examen des demandes de suspension de la détention, des mesures privatives et restrictives de liberté ou de la poursuite d'un Député»; izay antsoina hoe: «Commission de levée des immunités».

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa manaraka ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no hanatanterahana izany ary nomarihany koa fa amin'ny maha Vaomiera azy ity fidiana izay ho Filohany.

Taorian'izay, nanambara soso-kevitra fandaminana, Ramatoa Filoha, mikasika ny fiantsoana anarana izay hotanterahana rehefa manao ny fandatsaham-bato.

Niangavy ny Mpitantsoratra hanatanteraka ny fiantsoana anarana indray, Ramatoa Filoha, taorian'ny nilazany an'izay soso-kevitra izay.

Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera no nanatanteraka izany ary nisaotra azy tamin'ny nanatontosany an'izany izy.

Nanontany ny Solombavambahoaka, Ramatoa Filoha, taorian'izay, raha misy manana fanamarihana na soso-kevitra haroso mikasika ny Vaomiera hatsangana.

Nambarany hatrany, fa araka ny andininy faha-44 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia amin'ny alalan'ny latsa-bato miafina no ifidianana ny ho Filohan'ny Vaomiera ka anisan'izany ity Vaomiera hisahana ny fangatahana fampitsaharana ny fanenjehana na famonjana sy hisahana ihany koa ny fanesorana na ny «immunité»-n'ny Solombavambahoaka ity.

Mbola nanontany ny Solombavambahoaka hatrany, Ramatoa Filoha, raha haato 15 minitra na 30 minitra na ora iray ny fivoriana mba ahafahan'ny Solombavambahoaka na ny firehana politika na ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera hanolotra izay ho kandida ho Filohan'ity Vaomiera vao hitsangana ity ary hanaterana ny antontan-taratasy momba izany ao amin'ny Sekretera Jeneralin'ny Antenimierampirenena.

Tahaka ny mahazatra, tamin'ny alalan'ny tsangan-tànana no nandraisana fanapahan-kevitra mikasika izany.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 37 no nanaiky fa aato 15 minitra ny fivoriana.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert, ka nanambara fa hivory ao amin'ny efitranon'ny Birao Maharitra ny mpikambana rehetra ao amin'ny Vondrona Parlemantera IRD rehefa miato izao fivoriana izao.

Niato tamin'ny 12 ora sy 45 minitra, atoandro, ny fivoriana.

Nitohy tamin'ny 1 ora sy 25 minitra, atoandro, indray ny fivoriana.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny famakiana ny kandidatoria ho an'ireo nilatsaka ho fidiana ny fivoriana.

Mbola tsy tonga teny am-pelan-tànany anefa ny antontan-taratasy, ka niangavy ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera izy mba hanolotra ny olona ho kandida amin'izany toerana izany.

Raha nandray fitenenana, Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina, nisaotra an-dRamatoa Filoha nanome ny fitenenana ny tenany ary nanambara fa rehefa nivory ny Vondrona Parlemantera IRD dia manolotra ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien, kandida ho Filohan'ny Vaomiera hiandraikitra ny fandinihina ireo fangatahana fampiatoana ny fitànana am-ponja sy ireo fepetra tsy ahazoana na amerana ny fahalalahana sy ny fanenjehana ny Solombavambahoaka. Nomarihany fa tsy eto an-toerana ny olona natolotr'izy ireo, fa mbola mamita iraka any Afrika Atsimo. Notsindriany fa amin'izao iraka ataony any ivelany izao, Solombavambahoaka mpandray andraikitra ny olona narotsak'izy ireo.

Nambarany fa io kandida atolotry ny Vondrona Parlemantera IRD no mahavita miandraikitra izany Vaomiera izany, ka nanentana ny Solombavambahoaka rehetra izy mba hifidy azy.

Nanao satroka Andriamatoa RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André, Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR, ka nanambara fa Vaomiera vaovao ity hatsangana ity satria ny Birao Maharitra no niandraikitra izany teo aloha ary neken'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera telo fa ho 15 no isan'ny mpikambana ao amin'izany Vaomiera izany.

Raha nandinika ny tenany sy ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM dia nangataka ny hampitomboana ny isan'ny mpikambana avy amin'ny Vondrona misy azy ireo ho 6; izany hoe 3 avy ary 9 kosa ho an'ny Vondron'ny maro an'isa.

Nanambara ihany koa ny tenany, fa mankatoa tanteraka ny kandida natolotry ny Vondrona Parlemantera IRD.

Taorian'izay, nomen-dRamatoa fitenenana Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José, Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM.

Nambarany fa miombon-kevitra amin'ny voalazan'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR teo ny Vondrona Parlemantera TIM mikasika izay ho isan'ny mpikambana hiditra ao amin'ity Vaomiera ity ary vonona ny hifidy ny kandida natolotry ny Vondrona Parlemantera IRD ihany koa izy ireo.

Rehefa izany, nambaran-dRamatoa Filoha, fa manaiky ny fanolorana kandida tokana ny Vondrona Parlemantera telo misy ato amin'ny Antenimierampirenena dia ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien izay voafidy tao amin'ny Distrikan'i Morombe.

Tamin'ny satroka nataon'ny Solombavambahoaka JEAN FRANCOIS Michel kosa, nanamarika izy fa tokony havoaka etsy aloha ny sarin'ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien satria tsy mahafantatra azy ny tenany.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa mbola mamita iraka any ivelany Andriamatoa Solombavambahoaka, fa tsy "défaillant" na "absent" akory. Noho izany, azo atao tsara ny mifidy azy.

Manarak'izay, nomarihiny koa fa nisy fangatahana nataon'ny Vondrona Parlemantera GPR sy Vondrona Parlemantera TIM mikasika ny isan'ny mpikambana hiditra ao amin'io Vaomiera io, kanefa ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena no mametraka ny «configuration» na ny isa momba izany, ka mety raha andraisana fanapahan-kevitra koa ny mikasika izay.

Nandray fitenenana Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD, ka nanambara fa roa ny zavatra tiany hotenenina.

Voalohany, mikasika ny fandefasana ny sarin'ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien; nolazainy fa raha mbola Solombavambahoaka ato amin'ny Antenimierampirenena, tsy misy tsy mahafantatra an'izany Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien izany satria efa tamin'ny andron'ny AREMA ny tenany no efa Solombavambahoaka, ka sao filam-baniny fotsiny no hanaovana izany.

Faharoa, momba ny fangatahana nataon'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR sy TIM teo, nomarihiny fa araka ny voalazan-dRamatoa Filoha, amin'ny alalan'ny tsangan-tànana ihany no andraisana fanapahan-kevitra eto amin'ny Lapa satria efa mazava ny voalazan'ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena, ka manjary manitsaka izany Fitsipika izany isika.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandraisana fanapahan-kevitra mikasika ny isan'ny mpikambana avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR sy ny Vondrona Parlemantera TIM izay hatao 6, fa tsy 4 ary 9 ny an'ny Vondrona Parlemantera IRD fa tsy 11 ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 20 no nanaiky ny soso-kevitra naroson'ny Vondrona Parlemantera GPR sy ny Vondrona Parlemantera TIM; Solombavambahoaka miisa 38 no nitsipaka izany, tsy nisy tsy nilaza ny heviny.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa noho izany tazonina araka ny voalazan'ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena ny isan'ny mpikambana hiditra ao amin'io Vaomiera io. Izany hoe, Solombavambahoaka miisa 11 avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD; 2 avy amin'ny Vondrona Parlemantera TIM ary 2 avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR.

Nomen-dRamatoa Filoha, fitenenana ny Solombavambahoaka RANDRIANASOLO Augustin, ka nanambara fa matoa nangataka ny hampisehoana ny sarin'ny Solombavambahoaka RAKOTOMALALA Lucien izy ireo dia tsy mahafantatra azy, fa tsy filam-baniny akory. Ny antony nangatahana ny isan'ny mpikambana avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR sy TIM ho 6 dia noho ny asa maro miandry ireo mpikambana ireo saingy ankasitrahana ny fanapahan-kevitra noraisina teo.

Taorian'izay, nilaza Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandatsaham-bato ny mpivory, ka hotononina ny anaran'ny Solombavambahoaka ary miroso etỳ anoloana izay voatonona; mandray ny taratazin-datsa-bato tokana, mandeha ao amin'ny trano fisainana, avy eo mandrotsaka izany ao anaty vata mangarahara.

Ramatoa RAKOTOMANGA Lantoarivola Sedera no nanatanteraka ny fanononana anarana, ka nanaraka izay voalaza teo ny fomba nandatsaham-bato.

Rehefa izay, nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanatanterahana ny andraikitra ary nangataka Solombavambahoaka miisa 4 hanatanteraka ny fanisana vato; ka ireto avy izy ireo:

- Ramatoa BAOFENO Micheline
- Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien
- Andriamatoa DINAH Romual
- Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo.

Rehefa vita ny fanisana ny vato, toy izao no vokatry ny latsa-bato:

- Solombavambahoaka miisa 73 no tonga nandatsa-bato.
- Vato azon'Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien: 70.
- Vato fotsy: 03

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa lany ho Filohan'ny Vaomiera hiandraikitra ny fandinihina ireo fangatahana fampiatoana ny fitànana am-ponja sy ireo fepetra tsy ahazoana na amerana ny fahalalahana ary ny fanenjehana ny Solombavambahoaka, Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana manaraka, izay ho tanterahana afaka fotoana fohy, mikasika ny fifidianana ireo Solombavambahoaka roa (2) ho tompo-toerana sy Solombavambahoaka roa (2) ho mpisolo toerana hilosotena ny Antenimierampirenena eo anivon'ny Fitsarana Ambony na ny "Haute Cour de Justice"(HCJ), Ramatoa Filoha.

Niato tamin'ny 2 ora sy 15 minitra, tolak'andro.

Nitohy tamin'ny 4 ora sy 55 minitra, hariva, ny fivoriana.

Rehefa avy niarahaba ny mpivory, Ramatoa Filoha, nampahatsiahy ny fandaharam-potoana mikasika ireo mpikambana handrafitra ny Vaomiera hiandraikitra ny fandinihina ireo fangatahana fampiatoana ny fitàna am-ponja sy ireo fepetra tsy ahazoana na amerana ny fahalalahana sy ny fanenjehana Solombavambahoaka.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa araka ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia 15 no isan'ny mpikambana tompon-toerana ary 15 no isan'ny mpisolotoerana ao anatin'ny Vaomiera iray, ka ny fanendrena izany dia ezahana hifanaraka amin'ny tontolo ara-politika ato amin'ny Antenimierampirenena. Izany hoe, solotena mifandanja amin'ny Vondrona Parlemantera misy ato amintsika, toy izao no fitsinjarana izany:

- 1- Vondrona Parlemantera IRD, manana mpikambana miisa 106, ka rehefa natao ny kajy, solotena tompon-toerana miisa 11 avy amin'izany Vondrona Parlemantera izany no afaka miditra amin'io Vaomiera io; tahaka izany koa ny mpisolotoerana.
- 2- Vondrona Parlemantera Tiako I Madagasikara (TIM), manana mpikambana miisa 16. Rehefa natao ny kajy, solotena tompon-toerana miisa 2 no afaka miditra amin'io Vaomiera io;
- 3- Vondrona Parlemantera GPR, manana mpikambana miisa 20, solotena tompon-toerana miisa 2 avy amin'io Vondrona Parlemantera no afaka miditra amin'ny Vaomiera ary 2 koa ho an'ny mpisolotoerana.

Nomarihin-dRamatoa Filoha, fa manana mpisolotoerana na «suppléant» iray avy ireo mpikambana 15 hiditra ao amin'io Vaomiera io ary ny Vondrona Parlemantera nahalanian'ny Filoha dia mihena iray ny soloteny.

Nanantana ny Vondrona Parlemantera tsirairay koa Ramatoa Filoha, mba hanendry ny solotena hiditra amin'io Vaomiera io ary niangavy ny hanaterana ny antontan-taratasy momba izany eny anoloana.

Nanamarika, Ramatoa Filoha, fa ny Vondrona Parlemantera GPR, efa nanatitra ny antontan-taratasy tao amin'ny Biraon'ny Antenimierampirenena, tamin'ny 30 Oktobra 2019, ka nanolotra mpikambana miisa 5 kanefa araka ny fitsinjarana dia miisa 4 ihany no anjarany; roa tompon-toerana ary roa mpisolotoerana.

Niangavy ny Vondrona Parlemantera IRD, Ramatoa Filoha, mba hanolotra amin'ny fomba ofisialy ny anaran'ny ho mpikambana raikitra miisa 11 ary ny ho mpikambana mpisolotoerana miisa 11 ho ao amin'io Vaomiera io. Tahaka izany koa no niangaviany ny Vondrona Parlemantera TIM sy GPR; tokony hanolotra ireo anaran'ny mpikambana raikitra sy mpisolotoerana ho ao amin'io Vaomiera io.

Andriamatoa VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD, nanambara fa araka ny andininy faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia voahaja ny dingana rehetra izay manambara fa miisa 11 ny tompon-toerana ary miisa 11 ihany koa ny mpisolotoerana ho mpikambana handrafitra ity Vaomiera ity. Natolony andRamatoa Filoha ny anaran'ireo olona ho mpikambana ao amin'ny Vaomiera ireo, taorian'izay.

Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin, avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR kosa nankasitraka ny zava-bita rehetra ary nanolotra ny anaran'ireo mpikambana miisa 2 tompon-toerana sy 2 mpisolotoerana avy amin'ny Vondrona niaviany ho ao amin'ity Vaomiera ity andRamatoa Filoha.

Nisaotra ny Vondrona Parlemantera IRD sy ny Vondrona Parlemantera GPR, Ramatoa Filoha, tamin'ny fanolorany ny anaran'ireo olona handrafitra ity Vaomiera vao natsangana ity ary niangavy ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera TIM mba hanolotra izany koa.

Efa voalaza fa nametraka izany tany amin'ny Sekretera Jeneraly ny Vondrona Parlemantera TIM ka isaorana ihany koa izy.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa araka ny andininy faha-42; faha-43; faha-44 ary faha-111 ao amin'ny Fitsipika Anaty mifehy ny Antenimierampirenena dia vakiana ny anaran'ireo mpikambana handrafitra ity Vaomiera ity isaky ny Vondrona Parlemantera misy ato amintsika, ka toy izao izy ireo:

- Filohan'ny Vaomiera: Andriamatoa RAKOTOMALALA Lucien (IRD)

Ireo Solombavambahoaka tompon-toerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD:

- Andriamatoa HENRI Jean Michel
- Andriamatoa ANDRIAMANALINARIVO Raymond Michel J.
- Andriamatoa RAHOLDINA Naivo Herinantsoina
- Andriamatoa FAMINDRA Justin
- Andriamatoa RAJAOBELINA Lova Herizo
- Ramatoa RAHELIHANTA Jocelyne
- Andriamatoa RASALAMA Léon
- Andriamatoa RANDRIAMISANAINA Marie Nicolas David
- Andriamatoa RAZAFINTSIANDRAOFA Jean Brunelle
- Andriamatoa TSABOTOKAY Honoré

Ireo Solombavambahoaka mpisolotoerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera IRD:

- Andriamatoa RABEMANANTSOA Herilala Jeannot
- Andriamatoa TSITARA Rogers Osman
- Andriamatoa MBELO NDIAMANAMPY Jean Germain Odon
- Andriamatoa RAKOTOARIMANANA Tiana Maxime
- Andriamatoa RAVONTY Tam Teon Luc Urbain
- Andriamatoa RAZANADRABEARIMANANA Jacques Aurelien
- Ramatoa RAZAFINDRAVONY Marifidy Christine
- Andriamatoa TSIKIVY Adrien
- Andriamatoa VELOMAHAZO Patrice
- Ramatoa VOA HANGINIRINAZAFIMANDIMBY Marie Laurette
- Andriamatoa RAJOELINA Andriami-harimanana Seth

Ireo Solombavambahoaka tompon-toerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR:

- Andriamatoa VONINAHITSY Jean Eugène
- MILAVONJY Andriasy Philibert

Ireo Solombavambahoaka mpisolotoerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera GPR:

- Andriamatoa SATRA Augustin
- Andriamatoa RANDRIANASOLO Augustin

Ireo Solombavambahoaka tompon-toerana avy amin'ny Vondrona Parlemantera TIM:

- Andriamatoa RANDRIANANTENAINA Olivier Antonny José
- Andriamatoa RAMBOASALAMA Emilien

Nomarihin-dRamatoa Filoha, fa mbola tsy voapetraka ny anaran'ny Solombavambahoaka mpisolotoerana ho an'ny Vondrona Parlemantera TIM, fa atolotra amin'ny manaraka izany.

Taorian'izay, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hiroso amin'ny lahadinika manaraka ny mpivory izay mikasika ny fifidianana ireo Solombavambahoaka tompon-toerana roa (2) sy Solombavambahoaka mpisolotoerana roa (2) ho eo anivon'ny Fitsarana Avo na ny «Haute Cour de Justice»(HCJ).

Nangataka fitenenana avy hatrany, Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa. Nambarany fa mikasika ny Vaomiera izay natsangana teo no tiany hametrahana fanontaniana sy hanaovany fanamarihana. Mitovy amin'ny asam-baomiera rehetra ve ny fomba fiasa sy ny andraikitra raisin'ny mpikambana ao anatin'io Vaomiera vao avy natsangana io. Nilaza hatrany ny tenany fa afaka manatrika sy miady hevitra ve ireo Solombavambahoaka tsy mpikambana ao anatin'io Vaomiera io raha toa misy ny «dossiers» izay eritreretiny ka tiana hodinihana.

Taorian'izany, nisaotra sy namaly ny fanontaniana napetraky ny Solombavambahoaka ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, Ramatoa Filoha.

Nambarany fa voafehin'ny Fitsipika Anaty ny zavatra rehetra atao ao anatin'io Vaomiera io. Manamafy izany ny voalaza ao amin'ny andininy faha-111, manao hoe: miisa 15 ny mpikambana tompon-toerana ao anatin'ny ary miisa 15 ihany koa ny mpisolotoerana. Voalazan'ny lalàna izany zavatra izany hoy hatrany ny tenany.

Rehefa izany, nandray fitenenana ny Solombavambahoaka ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien.

Nambarany fa ny fomba fiasa ato amin'ny Antenimierampirenena dia mandalo any amin'ny Vaomiera ny zavatra atao izay vao laniana eo anatrehan'ny fivoriambe. Mitovy amin'izay ihany koa ve ny zavatra ataon'io Vaomiera raha sanatria misy antontan-taratasy hodinihana sa manana fahefana manapaka avy hatrany ireo mpikambana ao anatin'io, hoy hatrany izy.

Nilaza Ramatoa Filoha, fa laniana amin'ny alalan'ny fivoriambe ny asa rehetra avy nodinihan'ny Vaomiera.

Taorian'izany, niteny Ramatoa Filoha, fa hiroso amin'ny fandaharana manaraka ny mpivory, ka ny fifidianana ireo Solombavambahoaka ho mpikambana hisolotena ny Antenimierampirenena ho ao amin'ny Fitsarana Ambony na ny HCJ araka ny voalazan'ny Lalàmpanorenana sy ny Fitsipika Anaty no harahina amin'izany; Solombavambahoaka roa (2) tompon-toerana ary roa (2) mpisolotoerana.



Nomarihany, fa amin'ny fomba hifidianana ireo olona ireo, izay manda-tsabato no manonona ny anarany mba tsy hisian'ny fahaverezam-potoana be loatra.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa sao tokony haato kely ny fivoriana mba ahafahan'izay manam-paniriana hametraka ny filatsahan-kofidiny satria hatramin'izao, mbola anaran'olona iray ihany no voaray hilatsaka amin'izany toerana izany ao amin'ny Sekretera Jeneraly.

Nanao satroka ny Solombavambahoaka VELONTSARA Paul Bert, Filohan'ny Vondrona Parlemantera IRD ary nilaza fa raha ny fifidianana izay ho solotenan'ny Antenimierampirenena, mazava ny voalazan'ny Lalàmpanorenana fa ireo olona ireo no handinika ny raharaha mikasika ny Filohan'ny Andrimpanjakana, toy ny Filohampirenena, ny Filohan'ny Antenimierampierenena, ny Praiminisitra ary ny Minisitra sy ireo olo-manan-kaja ambony voafaritra ao anatin'izany. Zava-dehibe loatra eto amin'ny firenena ny adidy hiantsohan'ireo olona ireo kanefa raha ny zavatra misy amin'izao fotoana izao ato amintsika, mangataka izahay Solombavambahoaka maro an'isa mba ahemotra amin'ny fotoana manaraka no hanaovana izany fifidianana izany satria amin'izao hariva izao; misy zavatra mikasika ny Distrika maro izay tsy maintsy amonjenay Minisitara samihafa. Raha mety, aoka hieriteritra tsara izahay amin'ny fanolorana ireo olona hofidina hisolotena ny Antenimierampirenena satria lavalava ny andro tsy hivoriantsika ka izay no antony ilazana hoe tokony hahemotra.

Mbola satroka hatrany no nataon'Andriamatoa ANDRIANJANAHARY Fanomezantsoa, nambarany tamin'izany fa mitovy hevitra amin'ny Filohan'ny Vondrona Parlemantera teo izy. Lehibe loatra raha izany fifidianana ny hisolotena ny Antenimierampirenena any Fitsarana Ambony na ny HCJ izany satria araka ny voalaza teo hoe: hikirakira antontan-taratasin'ireo olona ambony eto amin'ny firenena sy hitsara azy ireo no andraikiny. Eto anefa, raha manisa ny Solombavambahoaka tonga isika, tsapa fa tena vitsy tokoa izahay. Noho izany, manamafy ny hanemorana azy araka ny voalazan'ny namana teo ny tenako.

Ny Solombavambahoaka RAKOTOMAMONJY Neypatraiky André, Filohan'ny Vondrona Parlemantera GPR kosa nanamarika fa te-hampandroso haingana ny Firenentsika ny Filohampirenena, Andriamatoa RAJOELINA Andry Nirina, ka izay no antony anohanany azy. Araka ny voalaza teo hoe: hahemotra indray ity fifidianana ity; heverinay fa tsy mifanaraka amin'ny foto-kevitra tiany hitondrany ny Firenena izay. Noho izany, tokony hotazonina hatrany ny fandaharam-potoana hatao androany. Izany hoe, tokony hiroso amin'ny fifidianana ireo olona ho ao amin'ny HCJ ireo isika.

Andriamatoa IDEALSON indray nanamafy fa tokony hanana fahamatorana ny Solombavambahoaka araka ny teny nataon'ny namany farany teo satria androany no tapaka fa fotoana hifidianana ireo olona ireo. Tokony nahatsapa ny zavatra hiseho androany ny tomponandraikitra isan'isany, ka tsy mety raha lalaovina tahaka izany ny fitantanana ny Antenimierampirenena; narahina ny fandaharam-potoana tamin'ny maraina, ka inona indray no hanemorana izay tokony hatao anio tolak'andro. Raha manapaka ny besinimaro hoe: haroso ny fifidianana dia hotanterahana izany; raha mandany izy ireo hoe hahemotra izany dia izay no tontosaina. Noho izany, tokony handray ny andraikitra tandrify azy avy ny tsirairay. Raha ny tena marina, aleo aroso ny fifidiana, Ramatoa Filoha.

Andriamatoa ANDRIATAHINANOMENJANAHARY Felicien indray, nanambara fa raha ny isan'ny mpikambana ao amin'ny IRD, mahatratra Solombavambahoaka 106; raha jerena ianareo maro an'isa indray no tsy tonga. Miala tsiny, Andriamatoa Filohan'ny Vondrona IRD, fa tokony mba hojerenareo ny fomba fifehezanareo ny olonareo satria samy voaantso hiatrika izao fivoriana izao daholo ny Solombavambahoaka rehetra, kanefa izahay vitsy an'isa indray no mavitrika amin'ny asa atao eto.

Raha hatao androany ny fifidianana, hita taratra eo ny isan'ny mpifidy; raha hahemotra indray, tokony hisy fepetra horaisina mba hahatongavan'ny Solombavambahoaka rehetra hanatanteraka izany fifidianana izany.

Taorian'ny fandraisam-pitenenana nataon'ireo Solombavambahoaka, nanambara Ramatoa Filoha, fa handray fanapahan-kevitra amin'ny hanaovana fifidianana izay hisolotena ny Antenimierampirenena eny anivon'ny HCJ na tsia ny mpivory.

Rehefa natao ny tsangan-tànana, Solombavambahoaka miisa 19 no nanaiky fa hotanterahana ny fifidianana; Solombavambahoaka miisa 22 kosa no nilaza fa hahemotra.

Nambaran-dRamatoa Filoha, fa hahemotra amin'ny fotoana manaraka ny fifidianana ireo Solombavambahoaka roa (2) tompon-toerana sy Solombavambahoaka roa (2) mpisolotoerana hisolotena ny Antenimierampirenena eny anivon'ny Fitsarana Ambony na «Haute Cour de Justice», ka hampidirina amin'ny volavolam-pandaharam-potoana manaraka ny momba izany.

Nomarihany fa tsy maintsy ho tanterahana ny fifidianana ireo ho solotenan'ny Antenimierampirenena ireo.

Talohan'ny hiatoan'ny fivoriana, nambaran-dRamatoa Filoha, fa hisy ny fivorian'ny Birao Maharitra ny Alatsinainy 4 Novambra 2019, amin'ny 10 ora, maraina, handinika izay ho volavolam-pandaharam-potoanan'ny Antenimierampirenena, ka amin'izay no mety hampidirana ny mikasika ity fifidianana tsy tanteraka androany ity.

Niato tamin'ny 5 ora sy 30 minitra, hariva, ny fivoriana rehefa avy nisaotra ny mpivory, Ramatoa Filoha.



RAZANAMAHASOA Christine Harijaona